


**Ho an'ingahy ity tokoa dia manga toa ny lokon'ny Hvm foana ny lanitra. Fa maninona ? Satria ho 100% Hvm ny ao amin'ny Lapan-doholona *(« Sénat »)*. Tsy ireo mpividy lehibe *(« Grands électeurs »*
) no ho vendrana tsy hahay hifidy fa ny rafitra napetraka sy ny fiandanian'ilay CENI *« vaovao »*
tsy mahaleotana no hahatonga izany. Toa tamin'ny andron'i Dadabe Tsiranana e! Ho aiza eo anefa?**
**Fa dia any ambony any foana ny mason'i Hery Vaovao fa tsy te-hahalala ireo Malagasy 23 tapitrisa ao ambaniny (lanareo no te-hifidy ahy sisa no tsy nivoaka ny vavany). Niala teto Madagasikara izy (18 Novambra) tsy re tsaika; niverina izy (24 Novambra)**
**tsy re tsaika;**
**lasa indray izy (28 novambra) torak'izany. Dia ao Parisy indray izy izao. Fa inona ny maha filoham-pirenena azy raha atao toerana fandalovana ihany ny tany nahavoafidy azy e!? Sady tsy misy fanazavana na iray segondra fa manao tsinontsinona ny mpiray tanindrazana fotsiny izao. Kay kanosa matahotra ny masony nefa te-hividy ny lohany. Tandremo fa hanody daholo izany fihetsika izany an!**

**Manomboka androany 30 Novambra 2015 izany ilay fihaonam-be mikasika ny Toetrandro atao hoe *« COP21 »***, ka ny ho avin'ny zanakolombelona rehetra (miisa 7 miliara mahery amin'ity taona 2015 ity) no ho resahina. Firenena 195 ary Filoham-pirenena sy Lehibena governementa mihoatra ny 150 no ho tonga ao Parisy (Frantsa). Anisan'izany i Madagasikara tarihin'iry ambony iry.


café
Remise officiel du Certificat Ambassadeur CAFE à Mr Ralava BEBOARIMISA
Accueil
Ministère
Actualités
Organismes et partenaires
Téléchargement
UCPE
Webmail
PARIS2015
COP21
Loi,Décrets et Arrêtés
Conventions
Ralava BEBOARIMISA


AGISSONS ENSEMBLE POUR LE CLIMAT
#COP21MADA
PARIS 2015
COP21Madagascar
Organisme gouvernemental
Journal
À propos
Photos
Mentions J'aime
Vidéos
614 personnes aiment ça


GREEN CLIMATE FUND
Conférence des Nations unies sur les changements climatiques
De 107, les membres de la délégation malgache passent à 40